

# Vaovao SAHAZA

Gazety PASAN - SAHAZA | Aprily 2020 | Laharana faha - 04




## FOMBA FIASA MANDRITRA NY DINGANA VOALOHANY

Mifanaraka amin'ny fomba fiasa mifototra amin'ny porofo. Nifidy Kaominina Filamatra 20 sy Kaominina Maridrefy 20 ny tetikasa ahafahana manao fampitahana. Nandritra ny fihaonana niaraka tamin'ny foiben'ny JICA tamin'ny volana Novambra 2019, dia nofaritana fa ny tanjon'ny fanadiadiana momba ny fiantraikan'ny tetikasa SAHAZA dia mifantoka amin'ny vokatr'ireo asa natao eo amin'ny sehatry ny fambolena. Izany hoe, zava-dehibe ny mampitaha ny zava-misy eo amin'ireo tokantrano nisitraka sy ireo izay tsy nisitraka ny fampiofanana.

Ankoatr'izay dia nisy ihany koa ny toro-hevitra ny hampitahana ny fiantraikan'ny tetikasa eo amin'ny Fokontany, satria raha ambany loatra ny isan'ny fandrefy hanaovana ny fampitahana dia sarotra ny hamantatra tsara ny fiantraikan'ny tetikasa. Noho izany dia tsy mety intsony ny fampitahana ireo Kaominina Filamatra 20 sy ireo Kaominina Maridrefy 20, ka nahatonga ny tetikasa hihevitra ny handray ireo Fokontany ho sehatry ny fampitahana. *(Tohiny Pejy faha-2)*

JICA Agence Japonaise de Coopération Internationale — MAEP — Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka — PRIMATURE ONN Office National de Nutrition


## Ombon'antoka fanjariantsakafo

# FOMBA FIASA MANDRITRA NY DINGANA VOALOHANY

Vokatr'izany, ny Fokontany hanaovana fampitahana dia hofidina ao anatin'ireo Kaominina Filamatra 20. Hizara sokajy roa ireo Fokontany ireo, dia ny Fokontany Filamatra sy Fokontany Maridrefy arakaraky ny fitambaran'asa marolafy ho sitrahiny. Ny Fokontany Filamatra dia hisitraka ny asa amin'ny sehatra rehetra, ao anatin'izany ny lahasa eo amin'ny sehatra fambolena, fahasalamana, fanjariantsakafo ary rano, fahadiovana sy fidiovana. Ny Fokontany Maridrefy kosa dia hisitraka ireo lahasa amin'ny sehatra rehetra, ankoatran'ny sehatra fambolena. Izany dia ahafahana mamaritra ny fiatraikan'ny asa atao eo amin'ny sehatra fambolena amin'ny alalan'ny fampitahana ireo vokatra hita eo amin'ireo Fokontany Filamatra sy ireo Fokontany Maridrefy rehefa tapitra ny firotsahan'ny tetikasa an-tsehatra.

Hisy ny fanaraha-maso ny lahasa izay atao eny anivon'ireo Fokontany Filamatra sy ireo Fokontany Maridrefy, ary ireo lesona nianarana dia raisina ahafahana manatanteraka ny fanadiadiana ny fiantraikan'ny tetikasa mandritra ny dingana faharoa.

Approche Multisectorielle




## Ombon'antoka

# NY FOMBA FIJERIN'NY RENY SY NY RAY MOMBA NY FAHASALAMANA SY NY FANJARIANTSAKAFO

Mba ahafantarana bebe kokoa momba ny fahazarana ara-tsakafo, ny fomba fijery sy ny hevitry ny reny sy ny ray momba ny fahasalamana sy ny fanjariantsakafo, dia nisy dinidinika sy fifanakalozan-kevitra nokarakarain'ny tetikasa PASAN/SAHAZA tao amin'ireo faritra 03 iasany : Itasy, Vakinankaratra ary Amoron'I Mania. Hetsika izay anisan'ny nanampy tamin'ny fametrahana sy fanatsarana ny fomba fiasan'ny tetikasa amin'ny ady amin'ny tsifanjariantsakafo eto Madagasikara. Ireo fifanakalozan-kevitra ireo dia natao teo anelanelan'ny 17 desambra 2019 sy 22 Janoary 2020 tao amina fokontany 09, voafidy tamin'ny alalan'ny antsapaka.

Isaky ny fokontany, mba hahazoana ny vokatra ilaina, dia nozaraina vondrona 02 ireo mpandray anjara: ny andaniny misy an'ireo reny, ny ankilany kosa natokana ho an'ny raim-pianakaviana. Entina mitarika ny fifanakalozan-kevitra dia nisy fanontaniana maromaro novolavolain'ny tetikasa mikasika ny fahalalana sy ny fahitan'ireo mpandray anjara ny fahasalamana sy ny sakafon'ny zaza latsaky ny 2 taona, ny fikarakarana ilaina mandritra ny fotoana fitondrana vohoka, ny fahalalana momba sakafon'ny zaza sy ny ankizy, ny fomba fisakafoanana, ny vidin'ny sakafo eny an-tsena sy ny sakafo hita eny an-toerana, ary koa ny loharanom-baovao isan-karazany eo anivon' ireo Fokontany ireo.

Noho izany, mba ahafahana mahafantatra misimisy kokoa ny toe-piainan'ny fianakaviana any ambanivohitra, indrindra amin'ireo faritra iasan'ny tetikasa, dia nisy ny fanadiadiana natao ahafantarana ny mombamomban'ny olona nandray anjara tamin'io dinidinika io ( ny taonany, ny firafitry ny fianakaviany, ny ambaratongam-pianarana nodiaviny, ny toe-bolany ). Samihafa avokoa ny vokatra azo teo amin'ireo faritra telo. Hita tamin'izany anefa fa amin'ny ankapobeny, ny ankamaroan'ny fianakaviana dia mpamboly avokoa, ary ho an'ny faritr'Itasy dia vehivavy no betsaka noho ny lehilahy eo amin'ny sehatry ny fambolena.


Hita nandritra io dinidinika io ihany koa fa ny fahazoana vaovao mikasika ny fahasalamana sy ny fanjariantsakafo dia tsy mitovy eo anivon'ireo faritra 03 ireo. Voamarina kosa anefa fa ny AC sy CSB dia lalan-tserasera azo antoka ahafahana mampita ireo vaovao mikasika izany amin'ireo mpisitraka.


Mikasika ireo fanontaniana momba ny fahasalamana sy ny fanjariantsakafon'ny zaza, izay napetraka teo anivon'ireo faritra 03 ireo, dia namaly ireo reny nanatrika ny fifanakalozan-kevitra fa manana fahalalana ampy momba ny fanampin-tsakafo sy ny hatetikin'ny fisakafoanana, fa nilaza izy ireo fa tsy afaka mampiatra izany noho ny tsy fahampian'ny enti-manana. Ity hetsika ity dia nahafantarana ihany koa fa amin'ny ankapobeny dia ny reny no mamaritra ireo fanampin-tsakafo ireo.

Koa satria moa nozaraina vondrona roa samihafa ny ray sy ny reny nandritra io dinidinika io, dia afaka nanao fampitahana isam-paritra ny tetikasa indrindra mikasika fomba fanaon'ny reny sy ny hevitr'izy ireo mikasika ny fanjariantsakafo ny zaza hatreo amin'ny faha roa taonany. Toy izany koa ny fahalalan'ny ray momba ny fanjariantsakafo ary ny fahitan'izy ireo ny fandraisany anjara amin'ny fikarakarana ny reny sy ny zaza.

Nahaliana tokoa ny nahita fa ny reny ao Itasy dia mampihatra ny fampinonoana ny zaza ka hatramin'ny faha enim-bolany, raha toa ka ny 100% ny reny any Amoron'i Mania dia manome vary, na lasopy azy ireo noho ny fieritreretana fa tsy ampy hiantohana ny fitomboan'ny zaza ny nonon-dreny. Hita ihany koa fa misy ireo reny sasany ao Vakinankaratra sy Amoron'I Mania tsy mampinono intsony ao aorian'ny faha enim-bolan'ny zaza, noho ny asa ataony eny an-tanimboly.

Raha ny momba ny raim-pianakaviana indray dia saika ny ampahatelony no mahalala ny teny hoe "fanjariantsakafo", ary mahalala ny fikarakarana ilaina mandritra ny fitondrana vohoka, kanefa mbola mamela ireo renin-pianakaviana miasa eny an-tsaha hatramin'ny 2 na 4 herinandro alohan'ny hiterahany mba hanamorana ny famoahana ilay zaza raha ny filazany. Ary araka ny fahitan'izy ireo azy, ny anjara andraikitr'izy ireo dia ho voafetra eo amin'ny fitaizana ny zaza (fampandroana sy fanoloana akanjo), fa ny fanjariantsakafo sy ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza dia anjaran'ny reny irery ihany.




*Sahaza*

## FAMOLAVOLANA FITAOVANA FANARAHA-MASO NY SAKAFO HOANINA ENY ANIVON'NY TOKANTRANO.

Ny tsy fahampian-tsakafo na ny tsy fanomezan-danja ny filàna ara-tsakafon'ny zaza, indrindra mandritra ny 1000 andro voalohany, izany hoe vao mitsaika ilay zaza ka mandra-pahatonga ny faha 02 taonany, dia misy fiatraikany lehibe amin'ny fivoarana ara-batana sy ara-tsaina. Eto Madagasikara, dia ambony avo tokoa ny tahan'ny fahataran'ny fitombon'ny zaza satria 42 % n'ireo ankizy latsaky ny 05 taona dia ahitana izany avokoa.

Izany no antony namolavolan'ny ekipan'ny JICA fitaovana fanaraha-maso ny sakafo, ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa "PASAN-SAHAZA". Fomba fiasa izay heverina ho mahomby, entina hanatsarana ny toe-java-misy amin'ny alalan'ny fiovam-pihetsika. Io fitaovana io dia novolavolaina entina hanentanana ireo ankohonana amin' ny fihinanana sakafo miovaova sy maro loko ary ny sakafo voalanjalanja, indrindra ho an'ny zaza sy ny vehivavy bevohoka. Mba ahafahana manandrana ny fahombiazan'izany eo amin'ny tontolo ambanivohitra, dia nisy modely 02 amin' io fitaovana fanaraha-maso ny sakafo hoanina io nozaraina tamin'ny renim-pianakaviana maromaro, tao amin'ny faritra Itasy, izay nosafidian'ny ORN.

Io andrana io dia natao nandritra ny herinandro, ka ny andro voalohany dia nisy resadresaka nifanaovana niaraka tamin'ireo reny mba ahafahana mamaritra ny fahalalany sy ny fomba fanaony eo amin'ny sehatry ny fanjariantsakafo., Noho izany dia entina hanomezana azy ireo ny toromarika momba ny firaketana isan'andro, eo amin'ireo takela fanaraha-maso ireo, ny sakafo nomanin'izy ireo ho an'ny zanany. Ny andro fahafito, dia nangonina ny takelaka nofenon'ireo reny nandritryny herinandro mba ahitana ny vokatra azo avy amin'io lahasa filamatra io.

Ny resadresaka nifanaovana tamin'io andro farany io kosa no dia nahafantarana fa ny reny nandray anjara tamin'ity hetsika ity dia nahita fa ilaina sy mahasoa ity fitaovana ity, satria mampianatra azy ireo ahafantatra bebe kokoa ireo sokajin-tsakafo ilaina hoanina sy ny otrik'aina ilain'ny ny zanany. Noho izany dia naniry ny hanohy ny fanaraha-maso ny sakafo ao an-tranony avokoa izy ireo.

Raha toa anefa ka afaka nameno ny banga sy nanatsara ny sakafo omeny ny zanany ny sasany tamin' ireo reny, ny ampahany'izy ireo kosa dia nanambara fa, noho ny tsy fahampian'ny enti-manana, dia tsy afaka manome an'ireo zanany ny sasany amin'ireo sakafo mitondra ny otrik'aina ilainy.

Ity hetsika ity dia nahafahan'ny ekipan'ny PASAN/SAHAZA nandinika ny zavatra misy eny ifotony sy ny dingana azo atao ho fampiharana ny tetikasa.

Taorian'ny lahasa, miaraka amin'ny fanohanan'ny mpirotsaka an-tsitrapo an'i JICA, dia nasiam-panitsiana ny takelaka fanaraha-maso ny sakafo mba ahamora ny fampiasan' ny reny azy. Ankehitriny dia ampiasain'ny tetikasa PASAN/SAHAZA amin'ireo fampiofanana karakarainy ho an'ireo fokontany filamatra, io takela nohavaozina io.

# VOLY AN-JARIDAINA AHAFAHAN'NY TOKANTRANO MAMOKATRA NY SAKAFO ARA-PAHASALAMANA ILAINY.



Ao anatin'ny fanatanterahana ny dingana voalohan'ny tetikasa PASAN-SAHAZA, ny volana Janoary 2020, dia natomboka ny fanatontosana ny lahasa mikasika ny fambolena tao amin'ny faritra Vakinankaratra, Amoron'i Mania ary Itasy. Ny tanjona dia ny fampiroboroboana ny voly mba iadiana amin'ny tsifanjariantsakafo hamenoana haingana ny elanelana eo amin'ny resaka fanjariantsakafo. Elanelana izay tsikaritra teo amin'ny vokatr'ireo fanaraha-maso ny sakafo hoanina natao teo amina tokantrano vitsivitsy, teo anivon'ireo faritra 3 iasan'ny tetikasa.

Ny voly an-jaridaina dia anisan'ireo vahaolana ilaina ampiroborobona eo anivon'ireo fokontany filamatra 20, miaraka amin'ny fiatomorana maro amin'ny sehatra samihafa toa ny fanjariantsakafo, ny fahasalamana, ny rano, fanadiovana sy fidiovana. Ny fiatomorana marolafy toy izany dia ampiharina mba hanamarinana sy hanasongadinana ny fahombiazany eo amin'ny fanatsarana ny fanjariantsakafon' ny reny sy ny zaza latsaky ny 2 taona.

Ny asa fambolena dia heverina ho fomba fidirana amin'ireo Fokontany 20. Fomba iray ahafahan'ny mpanentana ifotony mikasika ny fanatsarana ny fanjariantsakafo izay mpilatsaka an-tsitrapo mirotsaka an-tsehatra hampita ireo hafatra fanentanana samihafa sy manaparitaka ireo fomba famokarana. Ahafahana mameno ny filàna ara-tsakafo isan-tokatrano. Ny tetikasa dia efa nifidy mpanentana ifotony momban'ny fanatsarana ny fanjariantsakafo miisa 6 isaky ny Fokontany filamatra, izay ahitana sefo Fokontany, AC, reny mavitrika sy mpamboly mavitrika mba ampitombo ny fahombiazan' ny lahasa atao sy ny fanaraha-maso ireo mpisitraka. Ny tanjona dia ny hitarihana ny ankohonana iray manontolo mba handray anjara amin'ny fanatsarana ny sakafo ao an-tokantrano.

Mba ampitana ireo hafatra sy teknolojia amin'ireo mpisitraka dia nisafidy ny fiofanana miatohana iarahana manatanteraka amin'ny rafi-panjakana samihafa eo amin'ny sehatra nasionaly (ONN, MSANP, MAEP, MEAH) sy rezionaly (ORN, DRSP, DRAEP, DREAH) ny tetikasa PASAN. Ny dingana voalohany amin'izany dia fampiofanana isam-bolana an'ireo mpampiofana isam-paritra. Mandritra izany dia mampiofana ireo mpilatsaka an-tsitrapo voafidy ny ekipan'ny JICA Project sy ireo mpiray ombon'antoka amin'ny tetikasa. Ireo mpanentana ifotony momban'ny fanatsarana ny fanjariantsakafo ireo indray avy eo no hanana adidy sy andraikitra hampita ireo fahalalana azony mikasika ny voly an-jaridaina, ny fahasalamana, ny fanjariantsakafo, ny rano sy fanadiovana ary fidiovana sy ny sisa, amin'ireo mpisitraka eny anivon'ny Fokontany tsirairay niaviany.

Hatramin'izao, efa manodidina ny 720 ireo nisitraka ireo fiofanana sy mampiatra ireo teknolojia vohizin'ny tetikasa teny anivon'ireo Fokontany eo amin'ireo faritra 03. Izany fahalalana izany dia voaray sy afaka nampiarina haingana satria tamin'ny fiatombohan'ny fampiofanana dia nanome fitaovana ho an'ny fambolena sy ny fampiofanana ary masomboly ho an'ireo mpisitraka ny tetikasa.



**Pour toute requête, venez nous visiter à l'ONN Anosy, ou écrivez-nous à l'adresse e-mail : pasanainmadagascar@gmail.com**